ARIVONIMAMO 4

# NAMIDIN'ILAY RAMATOA NIVADI-PITO-KISANA NY KAMIAO NATAO ANTOKA

MARINA IZANY ! 7

## FITOHANANA INIANA ATAO !

Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7500 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 18 febroary 2023

Tsaroako ilay... 3

SOULEMAN

## "VOLA HAKANA "PERMIS" NAHODINA NIANARANA KABARY"



FITSARANA TOAMASINA 8

# "TANJONA NY HAMOAKA DIDY AO ANATIN'NY FOTOANA FOHY"



(Sary HAR)

RIVODOZA FREDDY 8

## FARITRA 5 EFA NAHAZO FILAZANA FANAIRANA MILOKO MAITSO

KITRA - SEYCHELLES 2

## NIFINDRA AO AMIN' NY S.J BOSCO FC I GÔTY




RODOBEN'NY MPANOHITRA 7

# MIADY VAROTRA MBA HAMETRAHANA NY OLONY ENY TSIMBAZAZA

Apetraho amin'i mahaleo ny fanontanianareo

À VOUS LA PAROLE

Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy >3

Telma
LÂCHE PLUS TON PHONE !
Ye'low 200



50 SMS ET/OU Mo
+20% BONUS DATA VIA MVola
200 Ar | Tape le #322*63#
G CL 413/24-16



Mahatoky anao i MVola
MVola AVANCE hatr@ 1 000 000 Ar
Tsindrio ny #111*1# Tsy mivoaka ny trano
MVola Mobile Money
www.mvola.mg MVola
BANKY MPIARA-MIASA : BNI MADAGASCAR
G CL 8606/12-8

Kitra - Tompondaka Seychelles D1

# Nifindra lasy ao amin'ny S.J Bosco FC i Gôty

Hanatevin-daharana ny ekipan'ny Saint John Bosco Foot-ball Club any Seychelles i Niriari Ciel Phelistin amin'ity taom-pilalaovana ity, izay fantatry ny mpankafy baolina kitra amin'ny solon'anarana hoe " Gôty ". Irakiraka mpanafikan'ny FCA Ilakaka fahiny, niova ho MAMA FC amin'izao fotoana izao, ny toerana nisy azy. Mialoha an'izao nifindrany izao dia nanantevin-daharana ny ekipan'ny Saint Michel United i Gôty, nanomboka tamin'ny taona 2021. Taona iray monja no nilalaovany tao amin'ny ekipan'ny Saint Michel United dia voahosotra ho tompondakan'i Seychelles izy, niaraka tamin-dry Françis sy Pierrot ary Kôka, izay efa tonga eto Madagasikara amin'izao fotoana izao, manampy ny Disciples FC Vakinankaratra amin'ny fiatrehana ny fifaninanana "Orange Pro League". Ampatsiahivina fa tamin'ny lalao famaranana, niadiana ny tompondaka divizionina voalohany tany Seychelles, dia baolina nampidirin'i Gôty no nahazoan'ny ekipany ny fandresena. Malagasy telo lahy no miara-milalao amin'i Gôty ao amin'ny ekipan'ny S.J Bosco FC. Anisan'izany i Saïdou (Ex-Ajesaia), Nasser sy Bagzana, izay samy mpilalao avy any Mahajanga, ary efa mpikambana tao anatin' ny Barea de Madagascar ity farany ity. Tamin'ny talata lasa teo no niatrehany ny fihaonana voalohany nataon'ny ekipany. Nivoaka nandresy tamin'ny isa 3 no ho 0 ry Gôty ka izy no nampiditra ny baolina voalohany. Mbola tolotra avy tany aminy no nahafatesan'ny namany ny baolina faharoa. Soritana fa ekipa efatra ambin'ny folo no miatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Seychelles, dia ny Saint Louis Suns FC – Saint Michel United – Côte d'Or FC – Lapasse FC – Anse Réunion FC – PTL Bazar Brothers FC – S.J Bosco FC – Northern Dynamo FC – Foresters Mont Fleuri FC – Real Maldives FC – Red Star Defences Forces – Revengers FC – Santos FC – Light Stars FC.



**Fibatana amboara no nisantarany ny filalaovana tany Seychelles.**

**aris rafaly**

Basket 3X3 - Ankoay lahy sy vavy

# Notolorana mariboninahi-pirenena sy "primes spéciales" ihany koa

Miarahaba anareo nitondra avo ny voninahi-pirenena, izay miezaka mahazo vokatra tsara dia ampiako foana. Io no an'isan'ny nambaran'ny filoham-pirenena, Rajoelina Andry omaly tetsy Ambohitsorohitra, nandritra ny lanonam-pandraisana ireo Ankoay lehilahy, nandrombaka ny medaly volamena tany amin'ny « jeux africains » natao tany Maraoka 2019, sy ny Ankoay vehivavy, nahazo ny medaly volafotsy, nandritra ny Fiba Africa Cup 2022 tany Ejypta. Ho fankasitrahana izany ezaka vitan'izy ireto izany, notolorana Chevalier de l'ordre National Malagasy sy Commandeur de l'ordre de mérite sportif ny Ankoay lehilahy miaraka amin'ny mpanazatrany, raha ny Chevalier de l'ordre National Malagasy kosa no natolotra ny Ankoay vehivavy, miampy « primes spéciales ». Tsy diso anjara ihany koa ny « staff » 5 mirahalahy mianaka, izay nahazo Chevalier de l'ordre de mérite de Madagasikara. Ankoatra izay, mila homena « avacement spécial » ireto Ankoay lehilahy ireto, hoy ny filohampirenena noho ny ezaka vitan' izy ireo, izay laharana voalohany aty Afrika, eo amin'izany taranja Basket 3X3 izany. Taorian'ireo fangatahana nataon'ny filohan'ny Federasiona, Ramaroson Jean Michel, avy hatrany dia novalian'ny filoha, Rajoelina Andry tsy nisy fisalasalana avokoa izany, toy ny fandefasana ireo Ankoay lehilahy, hiofana any amin'ilay akademia iraisampirenena any Serbia, miaraka amin'ny fiatrehana fihaonana avo lenta, ka 15 andro mialoha ny hanombohan'ny fiadiana ny tompondaka erantany no hanatanterahana izany. Eo ihany koa ny fanomezana fahazoan-dalana maharitra ny FMBB, hampiasa ireo kianja filalaovana basket ao amin'ny kianja Barea, izay efa natsidiky ny filohan'ny federasiona sahady, fa hikarakara hetsika « forum de la jeunesse », natokana ho an'ireo tanora latsaky ny 14 hatramin'ny 18 taona izy ireo amin'ny jolay . Efa azon'ny atletisma ampiasaina ihany koa ny « piste taratan » eo amin'ny kianja Barea, hoy hatrany ny filoham-pirenena.

**Rabenaivo**




psi Madagascar

## MISE-EN-GARDE

La Représentation de PSI Madagascar porte à la connaissance du public que des individus mal intentionnés procèdent actuellement à des actes d'usurpation d'identité et d'escroquerie au nom de PSI Madagascar en vue d'obtenir de nos partenaires ou de tiers des informations sensibles, de l'argent des prestations ou des services.

LEURS MODES OPERATOIRES :

*1- Par appel téléphonique, ils demandent à un Responsable du système de santé les problèmes matériels ou financiers existant au niveau de sa circonscription, et promettent une assistance. Ils envoient un SMS d'une réception d'argent, tel un message provenant de mobile money, mais rappellent tout de suite après disant qu'il y a eu un dépassement sur le montant envoyé et qu'il faut restituer cette somme le plus vite possible. Sans avoir eu le temps de comprendre le message, le responsable lui envoie la somme dite dépassée.*

*2- Par e-mail falsifié et par démarchage téléphonique ils appellent pour la réalisation d'une prestation. Ensuite de faux bons de commandes et des e-mails de confirmation de la prestation sont alors envoyés et les escrocs leur demandent de procéder à la réalisation de ces prestations.*

Si vous aviez été victimes de tels actes, nous vous demandons de procéder aux démarches nécessaires auprès des autorités compétentes.

Nous tenons à faire savoir que PSI Madagascar possède une procédure bien définie, transparente et ne contracte pas avec ses prestataires de cette manière. Ces personnes peuvent utiliser des adresses électroniques utilisant notre nom mais néanmoins falsifiées. Nous vous recommandons la plus grande vigilance et vous rappelons que nos adresses électroniques sont toujours au format xx@psi.mg.

Pour toute demande d'informations et de recoupements, nous vous prions de toujours vous approcher directement des Bureaux de PSI Madagascar, siège et régionaux ou d'envoyer un mail à l'adresse **info@psi.mg** .

## FAMPITANDREMANA

Mampahafantatra antsika rehetra ny tomponandraikitra eto amin'ny PSI Madagascar fa misy olon-dratsy amin'izao fotoana izao. Halatra sy hosoka amin'ny anaran'ny PSI Madagascar no ataony amin'izany mba ahazoany vola na tombontsoa.

NY FANAON'IREO OLON-RATSY :

*1. Amin'ny alalan'ny antso amin'ny finday, manontany ny tomponandraikitry ny fahasalamana iray izy momba ny olana ara-pitaovana na ara-bola misy eo amin'ny tobimpahasalamana, ary mampanantena fa hanome fanampiana. Andefasany hafatra SMS momba ny fandefasana ilay vola ireo lasibatra, toy ireny hafatra avy amin'ny "mobile money" ireny, saingy miantso avy hatrany izy avy eo milaza fa nihoatra ny vola nalefa ka tsy maintsy averina haingana io vola io. Raha tsy manamarina tsara ilay hafatra ireo lasibatra dia mandefa aminy ny vola voalaza fa mihoatra.*

*2. Amin'ny alalan'ny mailaka sy finday, miantso ilay lasibatra hanatanteraka asa izy, avy eo dia mandefa « bon de commande » sandoka sy mailaka hosoka mangataka ireo lasibatra mba hanatanteraka ireo asa.*

Raha iharan'ny asa ratsy sy fisolokiana toy izany ianao dia iangaviana hanatona ny manam-pahefana akaiky indrindra.

Marihina fa manana fomba fiasa voafaritra tsara sy mangarahara ny PSI Madagascar ary tsy manao fifanarahana tahak'izany mihitsy amin'ireo mpiara-miasa aminy. Mety mampiasa adiresy mailaka sandoka amin'ny anaranay ireo olon-dratsy. Amporisihina isika rehetra ho mailo hatrany. Miendrika toy izao "xx@psi.mg" ny adiresy mailaka ofisialy.

Raha mila fanampim-panazavana ianao na te hanamarina ny tena fisian'ny tolotra dia manatona ny birao foibe na any amin'ny faritra misy anao na mandefasa mailaka amin'ny **info@psi.mg** .

POPULATION SERVICES INTERNATIONAL | MADAGASCAR

G CL 432/1-1

Tsaroako ilay...

Souleman (Mpikabary)

# Vola hakana "permis" nahodiny nianarany kabary

*Raha vao miresaka hoe Souleman. Ny kabary sy ny fandalana ny teny sy ny kolontsaina malagasy no mby ao an-tsaina. Ankoatra izay anefa, manana andraikitra goavana eo amin'ny fitaizana tanora amin'ny fanatanjahantena izy ( mpitsara rugby) sady mpampianatra mpikaroka eny amin'ny Anjerimanontolo ihany koa. Anio hanatontosa famelabelarana momba ny kabary etsy amin'ny Ifm Analakely izy, ao anatin'ilay hoe fihaonana amin'ny mpikaroka. Mialoha izay, hitantara ny fahatsiarovany eto aloha izy :*

**Hilasy vao nilaza fa skoto**

Teny Ivandry no tanàna nahalehibe an'i Souleman. Nifanerasera niaraka tamin' ny ankizy teny amin'ny fiarahamonina teny an-toerana izy tamin'izany. Araka ny fitantarany, ny fiarahamonina no akaiky azy hatramin'ny fahazazany, fa somary nifanalavitra tamin'ny fianakaviany izy. Niditra ho mpikambana skoto izy, rehefa notaominin'ny ankizy namany tany am-pianarana hiditra skoto. Tsy nisy nahafantatra izany anefa ny fianakaviany satria natahotra ny ho bedy ny lehilahy. Rehefa tonga ny fotoana handehanana milasy, dia tsy azo nafenina intsony ny zavatra nataony. Tsy maintsy nilaza tamin'ireo ray aman-dreniny izy tamin'izay. Rehefa tonga tany amin'ny skoto izy no nianatra tantara, nanao fanentanana, nanao kabary.

**Nanodina vola hianarana kabary**

Araka ny nambaranay etsy ambony, efa latsa-paka tao anatin'i Souleman ny fankafizana ny kabary. Tamin'ny 2007 dia nomen'ny ray aman-dreniny vola izy mba hianarany mamily fiarakodia ka hahazoany ny fahazoandalana amin'izany. Izany hoe hanao « permis » ny marina kokoa. Tapa-kevitra tampoka anefa ny lehilahy ka nahodiny ny vola nentiny nianarana kabary. Herintaona taorian'izay, nandray anjara tamin'ny fifaninanana kabary tamin'ny televiziona iray teto an-drenivohitra izy. « *Efa saika tsy handray anjara aho fa efa tamin'ny 6 ora hariva fara-fisoratana anarana vao tapakevitra tampoka* », hoy izy. Tafakatra hatrany amin 'ny dingan'ny famaranana anefa izy tamin'izany. Ny nahatsikaiky, dia naloto ny malabariny tamin'io (tsy voaomana), ka nosasain'izy sy ny anabaviny teo amin'ny rano mihandrona akaikin'ny Shoprite Ambodivona. Taorian'izay, lasa nanentana fandaharana « Itsik'io fa eh » tao amin'ny televiziona Viva ny lehilahy.

Rehefa niasa kosa izy, dia niverina nianatra namily fiara ka nahazo ny «permis» ihany.

**Tsy fantatry ny mpianatra dia nosangiany**

Tamin'ny 2014 no niditra nampianatra teny amin'ny Anjerimanontolo Ankatso i Souleman. Tamin'ny voalohany nandray ny mpianany izy dia tsy nahafantatra mihitsy ireo ankizy hoe izy no mpampianatra. Efa tery anoloana izy, fa mbola nikotaba ny iray lakilasy hoe aiza ny mpampianatra ? Ny sasany aza nisangisangy azy, satria nisy tamin'ireo mpianatra no mbola zokiny. « *Soa aho fa nahay nikabary, soa aho fa nanao skoto, soa fa nanao fanatanjahantena. Ireo rehetra ireo no nanampy ahy, ka vitako ny nisedra ny olana. Manaja ahy daholo ny mpianatra satria tafapetraka tao anatin'ny fifampiresahana ny fifanajana* », hoy izy.

**Nanofinofy ho lasa mpitsara rugby malaza**

Mbola mpianatry ny Epp izy dia efa voataiza tamin'ny fanatanjahantena. Nianatra, nanaraka fiofanana ka tonga mpitsara iraisampirenena amin'ny taranja rugby.

**Nangonin'i Fy**

Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny

# "Fanabeazana amin'ny fiteny maro, tsy maintsy hanovàna ny fanabeazana"

Ny 21 febroary no andro nofaritan'ny UNESCO hanamarihana ny andro iraisampirenena ho an'ny tenindreny. Nanomboka tamin'ny taona 2000 no nanombohana ny fanamarihana izay atao isan-taona. Amin'ity taona 2023 ity dia nisafidy ny lohahevitra hoe *"Fanabeazana amin'ny fiteny maro, tsy maintsy hanovàna ny fanabeazana"* no voizina manerana izao tontolo izao ka tafiditra ao anatin'izany isika eto Madagasikara. Ny fanabeazana amin'ny fiteny maro mifototra amin'ny tenin-dreny dia manamora ny fidirana sy ny fampidirana amin'ny fianarana ho an'ny vondron' olona miteny fiteny tsy dia malaza loatra na tsy maro mpampiasa, izany hoe fitenin' ny vondron'olona vitsy an'isa ary fiteny tranainy. Mba ahafahana mampita ny fanabeazana dia tokony hiompana amin'io tenin-dreny io anefa ny fampianarana. Tsy ho sarotra amin'ny ankizy ny handray fahalalana raha ny teny nibeazany no hironan'ny fampianarana. Ny teny dia fitaovana ampiasaina hifandraisana ao amin'ny firenena iray, fa ny fiteny dia ny fomba hanehoana ilay teny izay misy isam-paritra raha ny fanzavana. Manan-karena io fomba fiteny io isika eto Madagasikara ary io fiteny io no entin'ny reny mampita hafatra amin'ny zanany.

Hanana ny fomba entiny mankalaza ity andro maneran-tany ho an'ny tenin-dreny ity ny fikambanana maro samihafa misehatra amin'ny soratra sy ny teny.

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Ny tsara ihany no lalao, fa hiverina aminao ny tsara rehetra vitanao."

**Ny Vetso (03. 06. 15)**

("Do good and good will come to you.")

Manjaka production

# Hisehatra bebe kokoa amin'ny fikarakarana fampisehoana amin'ity taona ity

Efa nikarakara hetsika maromaro ny Mk pro fa amin'ity taona ity dia tena hifantoka misimisy kokoa ary tena hampiseho ny mahamatihanina azy ireo mihitsy eo amin' izany sehatry ny fikarakarana lanonana na fampisehoana izany. Misokatra amin' ny mpanakanto rehetra mihitsy izy ireo amin'izay fiaraha-miasa atao. Tsy mifidy gadona fa izay artista te hiara-hiasa dia raisina avokoa. Hisantaran'izy ireo izay fikarakarana lanonana na fampisehoana matihanina izay ny fampisehoana izay hataon'i Mandresy Jackson any Antsirabe amin'ny faha-25 febroary izao. Ny Mk pro avokoa ny hisahana ny zavatra rehetra amin'ny fanatanterahana izany seho izany. Fa ankoatra an'io dia mbola hisy ny hetsika goavana be izay hataon'izy ireo eto Antanananarivo hoentina hampahafantarina ny rehetra ny Mk pro. Eo koa ny fikarakarana ny fankalazana ny faha-40 taona niakaran'i Poopy an-tsehatra izay hiarahany miasa amin'ny Theatrone. Eny Ankadivato moa no ahitàna ny "studio" an'izy ireo izay marihana fa manara-penitra avokoa ny fitaovana ampiasaina ao.

**Tanya.R**


À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### A VENDRE

* A vendre TV coul Sharp xFlate 24" Bevody + télécommande, autovolt. Tél : 033.80.511.07. (G-BA 474/1)

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, poketra, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-14)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-5)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, bisikileta, fanaka, debara. MMA. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-3)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 478/5-1)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-1)

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-4)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-2)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-1)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-1)

Arivonimamo

# Namidin'ilay ramatoa nivadi-pitokisana ny kamiao natao antoka

*Mihemotra lava ny fotoana handoavana azy ary tsy naloany hatramin'izao.*



**Ilay kamiao mbola tsy voaloa vola ara-dalàna.**

Fivadiham-pitokisana, miendrika fisolokiana no azo ilazana ny zavatra ataon'ny renim-pianakaviana iray monina eny amin'ny fokontany Antaboka kaominina sy Distrikan'Arivonimamo. Tsy zoviana amin'ny maro ny anarany saingy ho fanajana azy dia noezahana tsy ho tononina. Vehivavy iray monina any amin'ny distrikan'Antanifotsy ilay voasolokiny. Nivarotra fiara tamin'io ramatoa avy any Arivonimamo io izy. Misy taratasy fifanarahana arabarotra, sy fifanekena fa 50 tapitrisa ariary no vidin'ny kamiao be « 1313 » ireny. Efa herin-taona izao tsy voaloa ny vola izay mbola misy ambiny 14 tapitrisa ariary. Mihemotra lava ny fotoana handoavana azy ary tsy naloany hatramin'izao. *« Fiara 50 tapitrisa ariary no namarotana azy ary 25 tapitrisa no vola nomeny voalohany. Taty aoriana dia nomeny tsipotipotiny ilay vola. Efa lafony ny fiara kanefa mbola misy antoka any amin'ny banky. Manana « carte grise » telo samihafa ilay ramatoa. Hafa ny laharan'ny fiara tany amboalohany. Rehefa tany aminy dia nosoloiny ho « 5039 TAR » ny laharany ary nosoratany tamin'ny reniny dia lasa « 1810 TAR » ary avy eo namidiny indray ka « 0091 TAA » amin'izao. Kamiao iray io ihany anefa ilay amidiny. Raha ny nifanarahana dia natao antoka « gagé » ilay fiara. Tamin' izany dia hoe homeny ilay vola kanefa taty aoriana dia nivadika izy ary efa lafony indray ilay fiara »* : hoy ny fanazavan'ilay renim-pianakaviana niharan'ny fisolokiana. Tsy mbola nametraka fitoriana mihitsy ny lasibatra fa niandry hatrany ny hamerenana ny vola saingy hatramin'izao mbola tsy nisy hetsika nataon'ilay ramatoa mihitsy. Efa nitondrana zandary, polisy mba nentina nitaky io vola io fa tsy nampihontsona an'ilay vehivavy io akory. Hatramin'izao dia arirariany hatrany ireto olona manana vola aminy ary manao izay tiany mihitsy izy. *« Aloanay moramora ilay vola »* : Io ihany no teniny fa lasa ihany ny taona, tsy nisy akory ny fandavam-bola ary ilay fiaran'olona anefa efa namidiny.

**Miray tsikombakomba**

Efa malaza ao Arivonimamo ao io vehivavy io. Misy ny fitarainana momba azy eny amin' ny polisy. Mpivarotra fiara efa misy antoka amin'ny banky ireny izy ary na ny havany akaiky aza dia voafitany toy izany. Ny rafozany no manome saina sy miray tsikombakomba aminy ary io no miaro azy rehefa na misy raharaha hitadiavan'ny olona azy. Ny alarobia teo izahay mpanao gazety no tonga nidina ifotony tany Arivonimamo mihitsy hanontany azy mba hisorohana ny feon-dakolosy tokana. Ilay rafozan'io vehivavy io no nivoaka niresaka taminay ary nambarany fa tsy tao antoerana io olona io fa any ambanivohitra. Ny nahagaga anefa rehefa nantsoina ny findainy dia any an-tanan' ity rafozany ity. Tratra antso ihany izy ny farany fa mbola ilay teny hoe *« izahay dia vonona hanome ilay volan' olona 14 tapitrisa ariary »* no naveriny. Fialana bala fotsiny anefa ny azy satria tsy vao sambany no nandainga tamin'ireto olona manana vola aminy ireto ity farany. Porofon'izany dia vao herinandro teo no nifanaraka ny roa tonta tamin'ny fihaonan' izy ireo farany teny Imerintsiatosika. Nanaiky ilay ramatoa fa handoa ilay vola izy ireo. Nandrasana hatramin'izao fa mbola lainga hatreto. Andrasana ny tohin'ny raharaha ary mbola hisy ny fivoarany.

**Ariel D.**

HO ANAO RAMATOA

## Mikojakoja ny endrika amam-bika ny vahona

**Vehivavy jerijery ka tena ilaina tokoa ny fikojakojana ny endrika amam-bika. Fomba maro no hahafahana manao izany saingy mbola hafa ihany ny fampiasana ny vokatra natoraly. Ny entina ho antsika eto izao dia ny fampiasana ny vahona.**

**Manala tasy sy kentrona**

Sasana madio tsara amin'ny savony nosy ny tarehy. Rehefa izany dia fafana ary hosorana avy hatrany ilay dindim-bahona. Ilay alohan'ny hatory iny no tsara manao azy dia kobanina rehefa maraina.

**Manala vakivaky amin' ny tongotra**

Sasana madio tsara ny tongotra rehefa alohan'ny hatory. Fafana ho maina tsara dia hosorana izay faritra vakivaky rehetra. Mila atao matetika satria efa ririnina mangatsiaka ny andro amin'izao.

**Manala varisy**

Alaina ny dintim-bahona tapaky ny vera. Maka karaoty roa lehibebe dia totoina amin'ny "mixer". Arotsaka ilay vahona dia asiana "vinaigre de cadre" iray sotro. Totoina miaraka izy rehetra. Mitsotra tsara eo ambony fandriana dia hosorana an'ilay fangaro ny faritra misy varisy. Avela hilona mandritra ny 30 minitra, tsy mihetsiketsika mihitsy. Kobanina rano mangatsiaka avy eo. Atao indroa isankerinandro.

**Manala angadrano**

Hosorana avy hatrany amin'ny volo maloto ny dintimbahona rehefa hanasa loha. Avela hilona atsasakadiny. Sasana amin' ny fomba mahazatra anao dia kobanina tsara. Atao indroa isan-kerinandro.

Toliara II

# Lehilahy tratra nitondra lohan'olona

Tra-tehaka tao Andranovorindrangataky kaominina Tanimieva distrikan'i Toliara faharoa, omaly ilay lehilahy nitondra lohan-jazalahy sahabo ho 10 taona. Mpangalatra taova izy ireo ka teo am-pitandiavana mpividy an'ilay lohan'olona. Ny anankiray tamin'ireo mpanao ratsy maty niharan' ny fitsaram-bahoaka. Ny namany kosa ity sambombelona. Zazalahy novonoina tao atsinanan'ny tanàna an'Andranovorindrangataky izy io ka ho entina hamonjy olona tao amin'ny tanàna Analasosa kaominina Soahazo. Voasambotry ny miaramila avy ao amin'ny « *Bataillon d'infanterie Toliara* » ilay olon-dratsy anisany nangalatra ny taovan' ity zaza ity. Nandritra ny fisafoana nataon'izy ireo niaraka tamin'ny zandary tao Andranovorindrangataky. Mbola tratra teny aminy ny lohan'ny zazalahy kely 10 taona antsoina hoe Remiha izay monina ao Andranovorindrangataky ary marihana fa manana fahasembanana io zaza io. Nikasa ny handositra ilay mpanao ratsy anankiray saingy tratran'ny fokonolona ary niharan'ny fitsaram-bahoaka ka tsy tana ny ainy. *« Misaotra hatrany ny vahoaka izay manampy amin'ny ady amin'ny tsy Fandriampahalemana. Laharam-pahamehan'ny Tafika Malagasy ny fanafoanana ny asan-dahalo, ny fampanjakana ny fandriampahalemana, ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany ary ny fifanampiana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo hery misehatra amin'ny fandriampahalemana sy ireo vahoaka no anisan'ny antoka hahazoana vokatra tsara eny an-kianja »* : hoy ny fanazavan'ny seraseran' ny tafika malagasy.

**Ariel D.**

Ankizilahy 10 taona nisy namono teny Andavamamba

# Mpivady tsy nahaloa hofantrano no ati-doha nikotrika

Nandeha avy hatrany ny fanadihadiana sy fikarohana ny olon-dratsy izay nataon'ny polisy mikasika ny famonoana ilay ankizilahy 10 taona teny Andavamamba. Ka olona fito, lehilahy efatra sy vehivavy telo no voasambotra voarohirohy tamin'izany. Fantatra àry izao fa noho ny resaka hofantrano no anton'ity vono olona ity. Ny marimarina kokoa dia mpivady tsy nahaloa hofantrano no ati-doha nikotrika iny vono olona iny. Rehefa tsy nandoa hofan-trano izy ireo ka notakian'ny tompon-trano izany vola izany dia tezitra ireto mpanofa trano. Izany no nampitsiry ity hevi-dratsy tao andohany hamono ny tompon-trano ka nahatonga azy ireo nahavanon-doza tokoa. Araka ny fanazavana dia ny havan'izy mivady sy ny namany no niara-nanatanteraka ny fanafihana niafara tamin'ny famoizan'aina. Ny sasany tamin'ireo voalaza fa nandray anjara mivantana tamin'ilay vono olona ary ny hafa kosa niray tsikombakomba nahafahana nanatontosana izany. Voaolana ihany koa ilay mpanampy Araka ny efa fantatra dia tsy tao an-trano ilay renim-pianakaviana ka ilay zazalahikely no hitan'ireo mpanafika tao ka nanamparan'izy ireo ny famonoana feno habibiana. Fa anisan'ny lasibatra tamin'izany ihany koa ny mpanampy an-tranon'izy ireo izay hitan'ireo jiolahy tao satria naolana io. Tsahivina fa ny 10 febroary lasa teo no nisy nanafika ny tokantrano iray teny Andavamamba ka maty novonoin'ireo jiolahy tao ilay zazalahikely. Aorian'ny famotorana eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hiakatra fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*N'aiza n'aiza !*




## Hatsikana an-tsary

*Kafe sy ronono*




## Masoandro Miposaka

**Salamo 1 : 1**

Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira;
Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Toy ny tongotra vakivaky: sady maharary no mahamenatra.**

Comme des pieds tout crevassés, c'est douloureux et honteux en même temps.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2884

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 6 | | 3 | | 5 | |
| 2 | | 8 | | | | 7 | | |
| 4 | | | | | | | | |
| | | | 1 | | | | | |
| | | 9 | 7 | | | | | 5 |
| 5 | | | 4 | | | 6 | 9 | |
| | 8 | | | | | 3 | | 1 |
| | | | | | 8 | | 9 | |
| | 1 | 2 | | | | 8 | 6 | |

Valin'ny laharana 2883

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 3 | 2 | 7 | 1 | 4 | 8 | 9 | 6 |
| 9 | 8 | 4 | 2 | 6 | 5 | 1 | 7 | 3 |
| 1 | 6 | 7 | 8 | 9 | 3 | 2 | 5 | 4 |
| 3 | 1 | 9 | 4 | 5 | 6 | 7 | 2 | 8 |
| 6 | 7 | 5 | 9 | 2 | 8 | 4 | 3 | 1 |
| 4 | 2 | 8 | 3 | 7 | 1 | 9 | 6 | 5 |
| 2 | 4 | 3 | 5 | 8 | 7 | 6 | 1 | 9 |
| 7 | 5 | 6 | 1 | 4 | 9 | 3 | 8 | 2 |
| 8 | 9 | 1 | 6 | 3 | 2 | 5 | 4 | 7 |

Rodoben'ny mpanohitra

# Miady varotra mba hametrahana ny olony eny Tsimbazaza

*Tsy miova mihitsy ny fomba fanaovana politika eto Madagasikara. Raha afa no nambara tany am-boalohany dia miova indray izany aty aoriana kely.*

Niverina tamin'ny fanapahankeviny ireo mpanao politika mivondrona eo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara na RMDM. Raha nitsipaka ilay lalàna laharana 2019 - 01/PL, mikasika ny satan'ny mpanohitra ireo mpanao politika ireo tany am-boalohany dia hita ho mankatoa izany indray amin' izao fotoana izao. Isan'ny teboka notoherina tamin' izany ny momba ilay hoe tsy maintsy solombavambahoaka ny lehiben'ny mpanohitra ary eny Tsimbazaza ihany no afaka mitondra ny tsikerany. Omaly, nitaky ny hamoahana ny didy fampiharana an'io lalàna io ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny RMDM raha nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety teny Bel'Air. Nanambara ny Pasteur Edouard Tsarahame nandritra izany fa vonona hametraka ny olony eny Tsimbazaza izy ireo fa ny didy fampiharana mifandraika ilay lalàna sisa andrasana. Dia asa aloha raha efa nifampidinihan'ny samy mpikambana eo anivon'ny RMDM tsara indray ny momba izany fanapahan-kevitra izany na tsia. Nahazoam-baovao mantsy fa antony iray nampahazo vahana ny fizarazarana sy ny fisarahan-kevitra teo anivon' ny Mpanohitra ny mikasika io lalàna laharana 2019-01/PL io.

**Ady tombontsoa**

Nisy mihitsy ireo nilaza fa depiote avy eo anivon'ny fanoherana ihany no niketrika sy nandrafitra izany mba hisongonana ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana sy hikatsahana tombontsoa manokana. Marihina fa ny Lalàmpanorenana mihitsy no manome lanja ny mpanohitra eto amintsika ary heverina fa fotoana tokony hampiharana izany izao. Mpanohitra manana fotokevitra ijoroana fa tsy manao fanambarana manohitra be fahatany na miantso ny vahoaka hankahala ny mpitondra fotsiny, toy ny voizina amin'ny haino aman-jery tato anatin'ny volana vitsivitsy izay. Araka ny ambaran'ny andininy faha-78, teboka faha-2 dia: « manana zo amin'ny toeran' ny Filoha lefitra iray ny mpanohitra ary mitarika ny iray amin'ireo vaomiera farafahakeliny. Midika izany fa andraikitry ny fanjakana ny manome tetibola hahafahan'ny mpanohitra miasa sy hanana ny toerana maha izy azy eo anivon'ny Antenimierampirenena.

Mamy R.

Fanovàna governemanta

# Hotanterahina aorian'ny fiverenan'ny Filoham-pirenena an-tanindrazana

Araka ny loharanom-baovao akaiky ny mpitondra dia marim-pototra ankehitriny ny feo nandeha, andro vitsivitsy izao no mety hisian'ny fanovàna ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Ankoatry ny fisaorana ireo ho esorina amin'ny andraikiny, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra farany teo mantsy dia nahazoam-baovao fa misy ny efa mampiomana ny mpanara-baovao, eny amin' ny tambajotra sôsialy eny fa manaiky izay fanapahankevitra raisin'ny lehibeny. Ankoatra izay, efa nisy ihany koa ny fivoriana nampahafantarina ny mpiray antoko ny tsy maintsy hisian'ny fanovàna, saingy nomarihina nandritra izany fa tokony hotohizana hatrany ny fiaraha-miasa sy ny fifanohanana, indrindra amin'ny fotoanan'ny fampielezankevitra. Fanovàna izay marihina fa araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia kendrena hotanterahana aorian'ny fiverenan'ny Filoham-pirenena an-tanindrazana.

**Tsy dia misy olom-baovao!**

Itsy farany izay fantatra fa nanainga omaly, nihazo an'i «Addis Abeba», miaraka amin' ny delegasiôna Malagasy, hanatrika ny fihaonana antampony faha-36-n'ireo filoham-panjakana sy lehiben'ny governemanta avy amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny Vondrona Afrikana, manomboka anio. Tranga iray hafa manamafy ny hisian'ny fanovàna governemanta ihany koa ny fiantsoana ireo mety ho tendrena, eny andapa na dia voalaza fa kendrena ho tsiambaratelo aza ny fihaonana. Mahakasika izany indrindra dia maromaro ny anarana efa mandehandeha any ho any. Hatreto aloha dia tsy misy olom-baovao loatra ireo anarana ireo fa ny efa teo ihany no avadibadika. Ny fanontaniana mbola tsy nahazoam-baliny dia ny hoe: Ho fanovàna tanteraka ve sa ho amin'ny ampahany ihany ? Toy izany koa ny hoe mbola mahavaha izao olana misy izao ve ny fanovàna governemanta ?

V.R.

Fehezan-dalàna momba ny fahasalamana

# Efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

Miandry ny sonian'ny Filohan'ny Repoblika sisa ny fampiharana ilay fehezandalàna momba ny fahasalamana izay vao nankatoavin' ny Fitsarana Avo momba ny lalàmpanorenena tamin'ny volana janoary farany teo. Efa lany teo anivon'ny Parlemanta roa tonta moa ity lalàna ity ary ny depiote Voninahitsy Jean Eugène no nanolotra azy. Ny andalana faha – faha-5 ary faha-6 ao amin'ny andininy faha-202 mahakasika ny lalàna mifehy ny fahasalamana no nasiampanovana tamin'izany. Voasoritra tamin'ireo andininy teo aloha ny fialan'ny tobim-panafody na ny «dépôts des médicaments» amin'ny toerana misy azy ireo rehefa tonga ny toerampivarotam-panafody na ny pharmacie aty aoriana. Voarakitra ao ihany koa fa miala 10km misy ny toerampivarotana fanafody ny tobim-panafody. « *Tsapa fa tsy manao ambanin-javatra ny fahasalamam-bahoka ireo parlemantera nampandany ny fehezan-dalàna momba ny fahasalamana* », hoy Atoa Razafimanantsoa Nandrianina, Filoha nasionalin'ny vondron'ny tobimpanafody matihanina eto Madagasikara na ny GPro DMM. Mbola ireo tobim-panafody ihany mantsy no mahenika ireo distrika 119 manerana an'i Madagasikara, indrindra any amin'ireo toerana lavitra sy saro-dalana. Miantso ireo tobim-panafody mba hanatanteraka ny asany amin'ny mahamatihanina ihany koa ny tenany.

JUDD

**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G-CL 433/12-1

## Marina izany !

### Fitohanana iniana atao !

**Mampiteny ny moana ny fitohanan'ny fiarakodia amin'ny toerana sasany eto an-drenivohitra, amin'ny ora fivoahan'ny ankamaroan'ny olom-pirenena ny trano, raha maivamaivana kosa any an-kafa. Iarahan'ny rehetra mahalala ny antony miteraka izany, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fahateren'ny lalana miohatra amin'ny isan'ny fiara mivezivezy sy ny lavadavaka ary ny fitohanan'ny fako any anaty arabe. Raha mbola samy tsy ahitambahaoalana anefa ireo dia mbola manampy trotraka koa ny fanapahan-kevitra raisin'ny mpitandro filaminana, mandrindra ny fifamoivoizana mampikatso ny fiara mitandavana, amin'ireo lalana alehan'ny manampahefana. Somary vazivazy no iresahan'ny mpampiasa lalana ny amin'ny hoe : na dia vao any amin'ny trano fandroana angamba izy ireny dia efa manapaka lalana ny mpitandro filaminana. Antony, maharitra fotoana maro no mikatso ny fiara mitandavana izay vao re ireny kiririoka mampitandrina ny mpandeha an-tongotra sy ny mpamily tsy hihetsika ireny. Voakasik'izany matetika ohatra ny eny Ambanidia ; ny eny Ambohipo ; ny ety Ankorondrano...Tsy vitsy no mametra-panontaniana ny amin'ny hoe : tsy afaka miala aloha tokoa ve ny manampahefana mba tsy hanelingelina be loatra ny fifamoivoizana, rehefa tsy afaka hiaritra fitohanana toy ny olompirenena rehetra ihany ? Maro ny nihevitra fa hamantarana ny lalana mitohana no antony nametrahana ireny " camera " isaky ny sampanana ireny. Saingy raha ny zavamisy aloha dia toa mitazana ny lalana fotsiny izy ireny. Dia ho gaga ve isika raha toa ka tsy misy fampandrosoana satria lany andro ao anaty fitohanana anie ny ankamaroan'ny mpiasa sy ny olom-pirenenena tokony hamokatra e!**

Voahangy Rakotozafy

Fanokafana ny fotoam-pitsarana tany Toamasina

# Nanome toromarika ireo mpisehatra rehetra ny minisitra

Anjaran'ny tao Toamasina indray no nandray ny minisitry Fitsarana sady Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana Atoa Rakotozafy François ny alakamisy teo. Fidinana ifotony izay tafiditra indrindra amin'ny fanokafana ny fotoam-pitsarana 2023. Ny Fonjaben'Ambalatavoangy no notsidihan'ny delegasiona notarihan'Atoa minisitry Fitsarana sy ny Fitsarana Tampony. Fankaherezana ireo voafonja, fanazavana ny fanalefahan-tsazy ary dinik'asa niarahana tamin'ireo Mpandraharahan'ny Fonja teo an-toerana no natao tamin'izany. Ankoatra io, dia nisy ihany koa ny toromarika nomen'Atoa Minisitra ireo mpisehatra rehetra eo anivon'ny fitsarana izay nahitana ny Mpitsara sy ny Lehiben'ny firaketan-draharaha, ary ireo mpirakidraharaha izay natao tao amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany Toamasina. Nisongadina tamin'izany ny fampivoarana ny fomba fiasa, ny fanatsarana ny fifandraisana, mba hamerenana indray, sy hampisongadinana ny maha-izy azy ny Fitsarana Malagasy. Tsiahivina fa ny herinandro lasa teo, efa nisy hetsika tahaka izao natao tao Fianarantsoa sy Toliara

JUDD

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fitsarana - Toamasina

# "Tanjona ny hamoaka ny didy ao anaty fotoana fohy"

*"Vina ho an'ireo fitsarana telo eto Toamasina: misy ny fitsarana ambony, ny fitsarana misahana ny ady amin' ny fanjakana ary ny fitsarana ara-bola dia ny hanatsara hatrany ny lafiny statistika. Izany hoe asam-pitsarana izay natao, misy karazan'asa maromaro toy : ny adin'olontsotra, ny ady heloka, ny ady madio, ady ara-barotra sy ny maro samihafa. Ny tanjona dia mba hivoaka ao anatin'ny fotoana fohy ny didim-pitsarana ary hampitombo ny fitsarana mitety vohitra izay ataon'izy ireo. Raha ho an' ireo fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana dia ny mba hampahafantatra bebe kokoa amin'ny vahoaka ny asan'izany fitsarana izany. Hampahafantatra ihany koa an'ireo solotenam-panjakana eny anivon'ny vondrom-bahoaka isam-paritra hoe: inona no tokony hataon' izy ireo ao anatin'ny fanatanterahana ny asa, hampitombo ihany koa ireo antontan-taratasin'ady izay tokony ho raisin'izy ireo. Raha ho an'ny fitsarana ara-bola indray izay mijery ny kaontim-bolan'ireo vondrombahoaka itsinjaram-pahefana an'ny kaominina, na ny Faritra, na ny Chambre de commerce dia ny hampitombo isa an'ireo vondrombahoaka itsinjaram-paritra mba hanaovana kaonty na ny compte de gestion, na contrôle acte budgetaire sy ny fanaovana audit an'ireo vondrom-bahoakam-paritra ao anatin'ny fari-piadidiana"*, hoy Rtoa Raby Savatsarah Ain'Harimanga, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny fitsarana tamin'ny mpanao gazety tany Toamasina omaly. Nisy ny lanonampitsarana nanetriketrika notanterahina tao amin'ny Lapan'ny Fitsarana Ambony Toamasina nentina namarana ny taom-pitsarana 2022 sady nanokafana indray ity taom-pitsarana vaovao 2023 ity. Nahatonga solontena ny Minisitry ny Fitsarana, teo koa ireo mpiantsehatra maro eo anivon'ny fitsarana izay notronon'ireo tomponandraikitra ao amin'ny Faritra Atsinanana. Fanamby ny hahavita asa bebe kokoa noho ny tamin'ny taon-dasa. Amin'ny maha-tomponandraikitra voalohany ny fiadidiana ny tanànan'i Toamasina an'Atoa Rakotonirina Nantenaina Herilala dia nankahery an'ireo mpiantsehatra eo anivon'ny fitsarana izy ary mirary fahombazana ho azy ireo amin'ity taompitsarana 2023 ity.

**Heriniaina A.**

Foara FIM

# Hotanterahina amin'ny volana may

Noraisin'ny SPI Forello ny fikarakarana ny hetsika rehetra. Hiditra amin'ny andiany faha-17 amin'ity taona ity ny FIM (Foire Internationale de Madagascar). Hotanterahina manomboka ny 11 ka hatramin'ny 14 may ho avy izao, ao amin'ny Forello Expo Tanjombato. Anisan'ny zavabaovao amin'ny fikarakarana ity foara iraisam-pirenena ity ny fiovam-pitantanana. Novidian'ny SPI Forello avokoa ireo hetsika nokarakarain'ny "Agence Premiere Ligne" hatramin'izay. Ity farany, izay efa mpiara-miombona antoka nandritra ny 10 taona no sady mampiantrano sy mpandray anjara hatrany tamin'ireo hetsika nokarakarain'ny "Agence Premiere Ligne", efa ny SPI Forello no handray an-tanana ny hetsika rehetra manomboka amin'ity taona ity. Tafiditra ao anatin'izany ny foara iraisam-pirenena ho

*Hotantanin'ny SPI Forello avokoa ireo hetsika rehetra manomboka amin'ity taona ity.*

Tsiahivina fa tao anatin'ny 25 taona no efa nidiran'ny "Agence Premiere Ligne" tamin'ny fikarakarana varotra fampirantiana iraisam-pirenena teto Madagasikara. Efa tafakatra 65 ireo tsenabe nokarakarainy. Araka izany, an'ny fambolena na ny FIA andiany fahadimy amin'ny volana septambra, ny varotra fampirantiana iraisam-pirenena momba ny tao trano na ny SIH andiany faha-25 amin'ny volana oktobra, ny tsenaben'ny fitaterana na ny SITLM andiany fahatelo amin'ny volana novambra sy ny hetsika mbola atao ankamantatra amin'ny volana jona. *"Vonona izahay hampiroborobo ireo foara iraisampirenena eto Madagasikara. Hiompana amin'ny fanomezana fahafaham-po sy ny fifamatorana amin'ny mpanjifa ny fomba fiasa vaovao. Hisy ny zava-baovao hoentina, izay hampahafantarina mandritra ny fanatanterahana ireo foara ireo."*, hoy Gerard Monloup, talen'ny SPI Forello.

**R. Muray**

Toamasina - Vatsin'Ankohonana

# Nihatsara ny fari-piainana tokantrano mpanao asa tanana

Misy ny mpanao asa tanana Malagasy manan-talenta sy afaka manova ny endriky ny akora izay ampiasainy. Ho an'Atoa Razafindralambo Pierre Damien, mpanao asa tanana dia *"navadiko ho lasa vazim-boninkazo maro, boatin-drakitra, kafitera, kaopy, fitoerana sigara amidy ny bambou izay akora fototra ampiasaiko rehefa manao asa tanana. Niainga tamin'ny herinay mivady ny asa nataonay talohan'ny Coronavirus kanefa vao nisy ny fihibohana dia nikatso ny asanay. Rehefa isan'ireo mpisitraka ny Vatsin' Ankohonana izahay dia mbola namerina ny asa tanana izay efa nataonay"*, hoy ity raim-pianakaviana ity izay mponina ao Tanambao Verrerie, Toamasina taminay omaly. Tsy ny asa tanana ihany anefa no ataon'izy mivady ireto fa sady miompy, ondry sy akoho amam-borona, mamboly any Antsapanana nanomboka tany amin'ny taona 2006 tany ho any. *"Ho anay mivady dia ifanampianay ny asa tanana izay velontenanay. Ny manadio an'ireo bambou efa voatapaka sy vitany amin'ny papier abrasif sy mandoko an'izany no hanampiako azy. Mivarotra an'ireo asa tanana vita sy miresaka amin'ireo mpivarobonikazo handray ny asa vita no ataoko"*, hoy Rtoa Razanamampionina Marie Marguerite. Ity farany no mpisitraka ny tetikasam-panjakana Vatsin'Ankohona izay arindran'ny Minisiteran'ny mponina ary tanetrahan'ny FID. Nomarihan'izy mivady ireto fa mahavelona tokoa ny asa tanana rehefa atao laharam-pahamehana amin'ny fivelomana sy atao am-pitiavana. Isan'ireo handray anjara amin'ny herinandron'ny fiahiana sosialy hampiranty ny asa tanany izay hatao any Toamasina izy mivady ireto. Manantena izy ireo fa hihaona amin'ny mpamongady mpandray ny asa tanana vita amin'ny "bambou" amin'io hetsika izay hatao amin'ny volana martsa 2023 ho avy io.

**Heriniaina A.**

David Malpass

# Hiala tsy ho filohan'ny Banky iraisam-pirenena

Hiova ny fitantanana eo anivon'ny Banky iraisampirenena. Nanao fanambarana ny filohany, David Malpass, fa hametra-pialana alohan'ny amin'ny faran'ny volana jona ho avy izao. Tsy mbola fantatra mazava ny antony fa ny hany teniny dia ny hirosoany amin'ny fanamby vaovao. 66 taona ity tomponandraikitra ambony ity, ary tamin'ny taona 2019 no nanendren'ny Filoha amerikanina teo aloha, Donald Trump, azy teo amin'ity toerany ity. Dimy taona ny faharetan'ny fotoam-piasainy, ka tokony amin'ny herintaona vao hifarana. Tsiahivina fa efa nandalo teto Madagasikara ity filohan'ny Banky iraisampirenena ity tamin'ny volana aprily 2019. Nihaona tamin'ny Filoham-pirenena malagasy sy ireo tomponandraikitra ambony teto amin'ny firenena ny tenany tamin'io fotoana io ary nitsidika sy nanara-maso ny vokatr'ireo tetikasa niarahan'i Madagasikara niasa tamin'ny Banky iraisam-pirenena teo amin'ny sehatry ny fiahiana sôsialy, ny fanjariantsakafo sy ny fahasalamana, ny fampianarana, ny fananan-tany, ary ny fambolena. Andrasana araka izany ny ho solon'i David Malpass amin'ny fitarihana ity rafitra ara-bola iraisam-pirenena ity.

**Nangonin'ny R. Muray**

Rivodoza Freddy

# Faritra 5 efa mahazo filazana fanairana miloko maitso

Navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro omaly ireo faritra 5 efa mahazo filazana miloko maitso noho ilay rivodoza Freddy. Anisan'izany Analanjirofo, Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany ary Atsimo Atsinanana. Omaly tamin'ny 9 ora maraina, tany amin'ny 2 906 Km atsinanana somary avaratra atsinanan'i Toamasina no nisy ny foibeny. Mikisaka miakandrefana izy ka mahafaka 24 Km/ora. Mahery vaika tokoa satria mitondra rivotra 195 Km/ora arahina tafiotra 275 Km/ora izy. Hanomboka hikorontana ny toetry ny andro any andranomasina ny alin'ny Alatsinainy 20 Febroary 2023 noho ny alon-drano izay haterak'i Freddy. Mila mailo sy mitandrina be ireo mpiandriaka eo anatrehan'izany ranomasina hisamboaravoara izany. Dieny izao, entanina ny rehetra mba hanaraka akaiky ny ho fivoaran'ity rivodoza ity ary hanaraka mandrakariva ny toromarika omen'ny manam-pahefana isantokony. Ireo olona monina eny amin'ny faritra iva tokony efa hieritreritra toerana hifindrana. Ireo hazo mampiahiahy koa tokony efa ho tapahina.

**Nath**

Covid-19

# 8 isanjaton'ny malagasy no vita vaksiny

Antoka iray miaro ny olona amin'ny aretina ny fanaovana vaksiny. Mbola marisarisa anefa ny malagasy manao izany na nambara aza fa maimaimpoana ny fanaovana azy ho an'ny zaza vao teraka hatramin'ny faha-23 volana. Torak'izay ihany koa ho an'ireo karazam-baksiny miaro amin'ny covid-19 izay nankatoavin'i Madagasikara ny ampiasana azy nanomboka tamin'ny 30 martsa 2021. Hatreto, ireo tanora sy olondehibe maherin'ny 50,5 isan-jato no afaka manao izany ary izay voalaza fa tsy manana aretina mitaiza. Ho an'ity vaksiny miaro amin'ny covid-19 ity, voalaza fa olona 2 622 872 na 8,76 isanjato ny tahan'ny vita vaksiny hatreto. Misy 2 208 782 na 7,38 isanjato kosa ny nahavita tanteraka ny vaksiny miaro amin'io valanaretina nandripaka olona maro io. Mbola ambany izany kanefa iarahan'ny rehetra mahita fa mbola misy sy mamono olona ity valanaretina ity eto amintsika. Tsy fantatra ihany koa anefa izay fivoarana hitranga aoriana kely ao ka ny vaksiny aloha hatreto no vahaolana. Mikasika ireo vaksiny mahazatra na "vaccination de routine" natokana ho an'ny ankizy sy ny zaza kosa, tao anatin'ny 3 taona nisesy izay, nahitana fidinana ny tahan'ny fanaovambaksiny. Voalaza mantsy fa 74 isanjato ny tahan'ny zaza vita vaksiny BCG, 84% ho an'ny DTC 1 ary 78% ho an'ny DTC 3. Ho an'ny VAR kosa 69% raha 50% ho an'ny TD1 ary 51% ho an'ny Td2. Nisy fampahafantarana narahina fiofanana nomena ireo mpanao gazety sady narahina fitsirihana ny toerana fitehirizam-baksiny etsy Mahamasina nataon'ny Minisiteran'ny fahasalamana sy ny PSI miaraka amin'ny tetikasa Impact. Arahina fidinana ifotony any amin'ny faritra Atsinanana amin'ny herinandro izany.

*Nahitana fidinany ny fanaovam-baksiny teto amintsika tao anatin'ny 3 taona.*

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJOANAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 944 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Hen'omby sy ovy ary patsa

**Zavatra ilaina :** hen'omby matavy, ovy, patsa mena, voatabia, tongolo, sira

**Fikarakarana azy :** Endasina amin'ny voatabia sy tongolo aloha ny hen'omby. Tampotampohina rano tsikelikely mandra-pahaleminy. Rehefa manomboka malemy dia arotsaka ny ovy notetehina efatra. Endasina manokana ny patsa mena. Ary arotsaka ao anatiny rehefa avy eo. Asiana rony fa tsy atao ritra. Azo aroso miaraka amin'ny vary.